

el 09-12-21  
see PV  
cel n° 176  
Roz 2  
56



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivavane · Tanindrazana · Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA  
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA  
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-176

**FANOLORANA NY TETIKASA FITANTANANA ARA-KAJY MIRINDRA SY  
FITANTANANA NY FAMANTARANA ENTI-MANAVAKA ARA-PANJAKANA,  
(PRODIGY)**

Fivoriana Faha-18  
Natao ny  
Alarobia 8 Desambra 2021  
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** - Ramatoa RAHANTANIRINA Lalao  
- Andriamatoa HENRI Jean Michel

**FOTOANA:** Alarobia 8 Desambra 2021, tamin'ny 11 ory sy 35 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fanolorana ny tetikasa fitantanana ara-kajy mirindra sy fitantanana ny famantarana enti-manavaka ara-panjakana, (Présentation du projet de gouvernance digitale et de gestion de l'identité Malagasy «PRODIGY»)

Nitohy ny Alarobia 8 Desambra 2021, tamin'ny 11ora sy 35 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany Andriamatoa HENRI Jean Michel.

Nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny volaza etsy ambony, Ramatoa Filoha, rehefa avy nisaotra ny Mpitantsoratra tamin'ny nanatontosany ny fiantsoana anarana.

Taorian'izay, nanazava fohy mikasika ny tetikasa PRODIGY, Ramatoa Filoha. Nambarany fa tetikasa ara-kajy mirindra sy fanavaozana ny sora-piankohonana ary ny famantarana enti-manavaka ny «projet de gouvernance digitale et de gestion de l'identité Malagasy».

Ny tanjona amin'ny tetikasa, araka ny lalàna izay efa notapahina teto amin'ny Antenimierampirenena tamin'ny 8 Novambra 2020 dia ho fampitomboana ny fahazoan'ny Malagasy rehetra famantarana enti-manavaka eo anatrehan'ny Fanjakana na «identité légale» izy io.

Amin'izao fotoana izao, misy olana eo amin'ny resaka fahazoana sora-piankohonana na fahazahoana «état civil». Ao koa ny fahazoana kara-panondrom-pirenena kanefa ahitana hosoka. Araka ny antotan'isa, Malagasy iray amin'ny 4 dia tsy manana enti-manavaka na «identité». Izany hoe, tsy afaka mianatra, tsy afaka mitsabo tena ary tsy afaka mankany amin'ny fitsarana ireo ampahan'olona ireo.

Kendrena mba hamaha izany olana izany amin'ny lafiny roa ity tetikasa ity.

Voalohany, fanatsarana ny sora-piankohonana; faharoa, fanatsarana ireo taoraharaha fototra avy amin'ny fanjakana na «service public».

Marihana fa nampindrana vola mitentina "140 000 000 USD" ny IDA; izany hoe 545 091 400 000 Ariary ary mandritra ny 30 taona no amerenana ny vola.

Rehefa izany, nambaran-dRamatoa Filoha, fa tonga hanatrika ny fivoriana Adriamatoa RAFALIMANANA Fidèle «chargé d'opération» ao amin'ny «projet PRODIGY» amin'izao fotoana izao.

Nisy Solombavambahoaka nanao satroka taorian'izay, ka nomen-dRamatoa Filoha fitenenana.

Raha nomena fitenenana Andriamatoa EDIZARD dia nangataka ny hanohizana ny fivoriana «huis clos» natao omaly.

Namaly Ramatoa Filoha, fa azo tohizana ny fivoriana «huis clos» saingy miankina amin'ny fanapahan-kevitra ny Solombavambahoaka ihany izany. Taorian'izay, nanolotra sosokevitra, Ramatoa Filoha hoe: hanao fivoriana «huis clos» ve sa hotohizana ny resaka momba ny «PRODIGY».

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 28 no nanaiky ny hanaovana «huis clos», Solombavambahoaka miisa 5 no nanaiky ny hanohizana ny fivoriana.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny hanaovana «huis clos» ary aorian'izay vao tohizana ny momba ny PRODIGY.

Nanao satroka, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, ka nomena fitenenana.

Nankasitraka an-dRamatoa Filoha tamin'ny fandaminana natao ny tenany. Nambarany fa efa tafiditra amin'ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena ity resaka PRODIGY ity. Efa tonga koa ny teknisiana hanome ny fanazavana mikasika izany kanefa raha tokony ho izy dia ny lehiben'ny tetikasa mihitsy no hanao izany eto.

Rehefa izany, niangaviany mba tokony hampitaina any amin'ny lehiben'ny tetikasa ny tokony hatongavany eto ho fanomezam-boninahitra ny solotenan'ny vahoaka Malagasy.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hampitain'ny solotenan'ny tetikasa any amin'ny lehibeny ny hafatra teo satria tamin'ny nankatoavana ny fampindramam-bola, tonga nitondra fanazava teto Ramatoa lehiben'ny tetikasa PRODIGY.

Rehefa nomena fitenenana Adriamatoa RAFALIMANANA Fidèle, teknisiana ao amin'ny tetikasa, nanambara fa tsy eto an-toerana Ramatoa lehiben'ny tetikasa fa amin'ny Zoma izao izy vao miverina.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa miato ny fivoriana ary miandry ny fahatongavan'ny lehiben'ny tetikasa eto amin'ny Antenimierampirenena vao tohizana ny resaka tetikasa PRODIGY.

Niato tamin'ny 11 ora sy 50 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.


  
**NY FILOHA**  
**RAZANAMAHASOA Christine Harijaona**